HAFATRA ENINA HO AN'NY FIANGONANA

Ilay fanasitranana mahagaga sy ny fitsidihana tany an-danitra
Fijoroana vavolombelona nataon'i Brani Duyan

Tamin'ny volana mey 2006, mpanompon'Andriamanitra iray no nentin'Andriamanitra tany an-danitra mba hihaona amin'i Jesosy.
Nahazo fanambarana sy hafatra enina avy amin'i Jesosy izy.
Brani Duyan no anarany, 52 taona. Nanao asa fanompoana tao amin'ny fiangonana evanjelika tao Borneo any antsinanan'i Malaisie izy ary loholona no toerana nisy azy.
Nanao ny asan'ny mpitandrina izy avy eo tao Malangkap Baru, tao Kota Belud ary taty aoriana dia nitarika Fiangonana tao SIB Bayayat tamin'ny taona 2005-2006.

Nandeha nanatrika ny mariazin'ny zanakay lahy tany Malaisie andrefana izaho sy ny vadiko tamin'ny 21 Aprily 2006. Herinandro tato aoriana, indrisy, fa azon'ny aretina tampoka aho. Vokatr'izany dia voatery tsy maintsy nentina faingana tao amin'ny hopitaly tao amin'ny Université Malaya aho mba hozahan'ny mpitsabo. Nambarany tamin'izany fa nisy simba sy rovitra ny sela ao amin'ny rà ao amin'ny atidohako ary tokony ho didiana haingana aho noho izany.

Taorian'ny fandidiana dia tsy nahatsiaro tena nandritry ny herinandro aho, ary tsy maintsy nanaraka fitsaboana hentitra nandritry ny 1 volana. Mpanompon'Andriamanitra maro no nitsidika ahy tamin'izany, anisan'izany ny SIB Sabah filoha taloha - Pasteur Taipein Melidoi - PasteIur Datuk Arun Selutan ary koa Pasteur Michael.

Nanonofy aho indray mandeha fa tratry ny orana be. Nadikako ho fahasitranana ho ahy izany vokatry ny vavaka nataon'ireo mpitandrina be dia be nitsidika ahy, izay nivavaka mba hahasitrana ahy. Dia niverina haingana tsy araka ny nampoizina ny fahasalamako noho ny herin'Andriamanitra.

Indray andro nahatsiaro hafahafa aho tamin'ny misasakalina Mai 2006. Tsy nahita tory aho raha renoky ny torimaso kosa ireo marary teo anilako. Tsapako fa tafaray tamin'ny Tompo ny fanahiko tamin'io alina io. Tsaroako ny teny tao amin'Isaia 43. 26 manao hoe : « Ampahatsiarovy aho, ka avia isika hifandahatra, alaharo ny teninao ahitana izay mahamarina anao. » Dia mbola lasa eritreritra tamin'izany teny izany satria tiako ny hibanjina ny Tompo ara-panahy ihany tamin'io fotoana io. Nahatsapa ny fanatrehan'Andiramanitra feno aho tamin'izany.

Dia nanomboka nivavaka ara-panahy aho. Niezaka ny natory aho tamin'izany. Dia nitsotra fotsiny teo amin'ny fandriako aho. Tampoka teo, nisy toa nitehina tao amin'ny lamosiko ary nisy nanafosafo ny lohako. Fotoana fohy no nisehoan'izany !

Nahatsapa zavatra mahagaga niseho tamin'ny vatako aho fa mariky ny fitiavan'ny Ray sy ny zanany izany. Dia nanontany tena aho hoe iza ary izany olona manatrika ahy izany. Rehefa niodina nijery aho dia gaga aho nahita tovolahy tsara tarehy iray sady bikana no ranjanana, miaraka amin'ny volo lava hatreo amin'ny tendany. Manao akanjo fotsy izy. Nanontany azy aho : **« Ianao ve no Tompo araka ny nieritreretiko ? »**
Dia nanifikifika ny lohany izy. Nanontany azy indray aho : **« fa iza ary ianao ? »** Dia namaly izy hoe : **« Izaho dia iraky ny lanitra, notenenin'i Jesosy aho mba hamangy anao hilaza vaovao tsara ».**
Teo vao fantatro fa anjelin'Andriamanitra izy ary nanontany azy aho : **« Inona ary no vaovao tsara tianao ambara amiko ? »** Dia namaly izy : **« Ho any an-danitra ianao anio alina ».** Dia nahatsapa aho fa tony sy nilamina, na mbola narary aza. Toa tsy nisy fanaintainana intsony re tamin'ny vatako.

Sitrana tanteraka aho tamin'ny fotoana nitenenan'ilay anjelin'Andriamanitra hoe : « Ho any an-danitra isika anio alina ». Dia hoy aho tamin'ilay anjely hoe : **«Vonona aho ny hanaraka anao any an-danitra. Tsy andriko intsony ny hahita ny Tompoko ».**

Dia tazako ny vatako nijanona teo am-pandriana, raha nandeha izahay. Nahita soavaly iray ngezabe aho, rehefa nivoaka ny hopitaly. Dia hoy ilay anjely **« Hitaingina io soavaly io isika ».** Nampian'ilay anjely aho mba hiakatra teo amin'ilay soavaly satria dia tena ngeza ilay izy. Dia hoy aho hoe **: « Afaka mitaingina io soavaly io mankany an-danitra ve isika ? »**. Dia nanome toky ahy izy **: « Mazava ho azy, aza matahotra, ary aza mitebiteby. Efa novakianao va ny tenin'Andriamanitra milaza ny amin'ny nitondrana an'i Elia ho any an-danitra ? »** Dia namaly azy aho : **« Eny, efa namaky io aho taloha, ny kalesy nitondra azy dia kalesy afo notarihin'ny soavaly afo »**. Marina izany, hoy ilay anjely, **« iray amin'izany karazana soavaly izany no andehanantsika ».**

Nandeha mora izahay aloha, nandritry ny 100m teo ho eo, avy eo nirimorino mafy amin'izay, tahaka ny nofaohin'ny rambondanitra. Ary indro hitako fa nanidina ny soavaly. Namakivaky tendrombohitra maro mora foana izahay noho ny herin' Andriamanitra. Dia tonga teo amin'ny tany malalaka nisy ahitra maintso milenodenoka, tsy nisy na singany iray aza maina, araka ny ***Salamo 23. 2 «Mampandry ahy amin'ny ahi-maintso Izy, nitondra ahy eo amoron'ny rano fialan-tsasatra Izy »***. Rehefa nijanona ny soavaly dia nidina izahay ary nanomboka nandeha an-tongotra.

Dia hitako teo anoloako amin'ny fanitsiko indrindra ny fanjakan'Andriamanitra. Teny am-pandehanana dia naheno lakolosy naneno aho. Dia nanontany ilay anjely aho hoe : **« Nahoana no maneno ny lakolosy ? »** Dia namaly izy, fa **« rehefa misy olona tonga dia ampanenoana ny lakolosy ».** Dia mbola nitohy nandeha ihany izahay ary tsy nijanona naneno ilay lakolosy. Dia nahita jiro menamena tahaka ireny jirokely eo amin'ny fiara ireny izahay teo amin'ny tafon'ny trano tsara tarehy anankiray. Ary hitako nisy marika 51 sy 3 teo amin'io hazavana io.
Dia nanontany azy aho ny hevitr'io isa io. Nanontaniany kosa aho hoe : **« Firy taona ianao ? »** 51 taona aho tamin'izany fotoana izany. Ary dia niteny tamiko izy hoe **: « Ny 51 hoy izy dia ny taonanao ary ny isa 3 kosa dia ny mariky ny tranonao »**. Nahatsiaro sambatra sy feno fiadanana aho raha nahita ireo trano marobe izay namboarin'i Jesosy ho an'ny zanany izay mino sy manaraka Azy.

Nitohy nandroso ihany izahay ho eo amin'ny trano lehibe iray izay feno olona maro tao anatiny. Ny fantatro dia ny olo-masina izay nofidian'Andriamanitra ireo. Nidera sy nanome voninahitra an'i Jesosy mipetraka amin'ny seza fiandrianana izy ireo. Nidera an'Andriamanitra tamin'ny fony izy ireo no sady mandihy, manandran-tanana ary mandohalika. Tao anatin'ny foko dia niteny toy izao aho : **« Raha mba midera sy manome voninahitra an'Andriamanitra tahaka izao ny eny ambonin'ny tany dia ho faly Andiramanitra ».** Nahita olona maro nitomany teo am-piderana an'Andriamanitra aho. Dia nitsiky Jesosy mahita azy ireo midera Azy amin'ny fony rehetra. Manangana ny tanany manandrify an'i Jesosy izy ireo , ary Izy kosa dia mitahy sy mitso-drano azy. Taorian'ny fanompoam-pivavahana dia niara-nitsangantsanana taminy Jesosy ary namafa ny ranomasony rehetra.
Tsaroako ny teny tao amin'ny Apokalypsy manao hoe : **« Ary hofafany ny ranomaso rehetra eo amin'ny masony, ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana fa efa lasa ny zavatra taloha » Apok 21. 4**.

Dia nentin'ilay anjely anjely teo amin'i Jesosy aho, sady niteny izy **: « Tompo ô, inty ny zanakao izay nofidianao mba ho tonga aty». « Mahafinaritra, tonga aty ianao anaka amin'izao fotana izao »**, hoy Jesosy. Dia norohany aho ary tonga sambatra tanteraka sy feno fiadanana, ary vaky nitomany. Feno haravoana ny fanahiko satria nanoroka ahy Jesosy.

Dia niteny indray ny anjely : **« Tompo ô, nandeha tany ambany tany aho raha narary izy, fa ankehitriny kosa izy, efa salama tsara. »** Dia namaly Jesosy : **« Eny hitako sady reko ny zavatra niseho »**.

Dia hoy ihany ilay anjely : **« Reko ny vadiny nivavaka mba hanampianao azy tamin'izany fotoana izany ». Izao no vavaka nataony : « Tompo ô, ampio izahay, raha mety ianao, aza esorina aminay aloha izy satria mbola tsy vonona ny hisaraka aminy izahay » izany no vavaka nataony ry Tompo**. Ary hoy Jesosy : **« Fantatro avokoa ny zavatra rehetra, ny vadiny dia tena mpino mahatoky, ary tena mivavaka amin'ny fony rehetra »**. Nitomany indray ny fanahiko nieritreritra ny fanajan'ny vadiko an'Andriamanitra.

Niteny tamiko ny Tompo avy eo : **« Ry zanako, tsy maintsy miverina any ambonin'ny tany ianao, satria tsy mbola tonga ny fotoanao. Mbola betsaka ny asa izay hataonao rehefa miverina any ianao. Tena hifantoka amin'ny fanompoana Ahy ianao any ».** Dia namaly Azy aho : **« Raha sitrakao Tompo, aza averina any ambonin'ny tany intsony aho, satria mahatsapa fiadanana aho eto anilanao. Raha mety Ianao, aleo aho tsy hiverina intsony ! »**

Tsapako nisoritra teny amin'ny endriny fa diso fanantenana Izy. Nangatam-pamelàna taminy aho noho ny nampahalelovako Azy. Niteny taminy aho : **« Tompo ô, vonona aho ny hiverina eny ambonin'ny tany, fa miangavy Anao kosa aho ampio aho, omeo hery aho, ary karakarao aho amin'izay rehetra alehako, miaraha amiko ry Tompo »**. Ary dia namaly Jesosy : **« Eny, aza manahy, n'aiza n'aiza alehanao mba hanompo Ahy, dia miaraka aminao foana Aho ».**

Nampitondraina hafatra ho ahy ho an'ny olona ety ambonin'ny tany Jesosy. Noteneniny aho mba hampita izany hafatra izany ho an'ny zanak'Andriamanitra rehetra ety ambonin'ny tany. **« Zava-dehibe tokoa ho azy ireo ny mahalala ireo hafatra ireo »** hoy Jesosy. Dia nampahafantarina aho fa ho feno tokoa ny fotoanako amin'ny fampitana ireo hafatra ireo. Tian'i Jesosy ihany koa ny hizarako izay zavatra hitako taty an-danitra amin'ireo zanak'Andriamanitra rehetra, mba ho tahian'Andriamanitra izy ireo ary mba hanavao ihany koa ny heriny amin'ny fanarahana Azy.

Hoy Jesosy : **« Rehefa tonga any ambonin'ny tany ianao, dia lazao amin'ny zanako ireto hafatra ireto »**. (Hafatra 6 no nomeny ahy).

HAFATRA VOALOHANY

« Lazao ny zanako mba hino ahy amin'ny fony rehetra, amin'ny fanahiny rehetra ary amin'ny heriny rehetra. Ireo izay misalasala sy mitebiteby dia tsy ho tonga aty » hoy ny Tompo Jesosy.

HAFATRA FAHAROA

« Lazao ny zanako mba handeha amim-pahatokiana any am-piangonana, satria rehefa mamirapiratra eo amin'ny tavany aho amin'izany fotoana izany, dia hitady ny tavako izy ireo. Tena faly aho mahita ny zanako manompo ahy any am-piangonana » hoy ny Tompo.

HAFATRA FAHATELO

« Lazao ny zanako mba hivavaka amim-pahamendrehana, hanao ny sitrapoko, ary hiaina mifanaraka amin'ny Teniko. » hoy ny Tompo Jesosy.

HAFATRA FAHAEFATRA

« Teneno ny zanako hanome fahafolon-karena ary fanatitra amim-pahatokiana », hoy ny Tompo Jesosy. Nandritry ny nanomezany ahy izany hafatra izany, dia hoy izy : **« Ry zanako jereo anie ery é ! »**. Dia nasehony ahy trano tsara tarehy izay efa nomanina ho an'ny zanany. **« Ry zanako, ireo trano ireo dia efa vonona, ary efa nomaniko ho an'ny zanako izay mino sy mankato ahy »**. Nasehony trano tsy mbola vita ihany koa aho. Nanontany aho **« Tompo, nahoana no mbola tsy vita ireo trano ireo ? »** Hoy ny Tompo **«Ry zanako, ireo trano ireo dia an'ireo olona izay tsy mba nanolotra fahafolon-karena sy tsy nanao fanatitra tamim-pitiavana. Ho vita ireo trano ireo rehefa manome ampahafolon-karena sy fanatitra ao an-tranoko izy ireo ».**

HAFATRA FAHADIMY

« Lazao amin'ny zanako fa tokony hametraka am-bavaka ny harenany izy ireo mba ho fiarovana sy ho fitahiana, raha mbola eny ambonin'ny tany izy ireo, mba tsy ho voafatotry ny harena eto an-tany izy ireo amin'ny fiverenako fanindroany. Tsarovinao ny tantaran'ny vadin'i Lota », hoy ny Tompo Jesosy.

HAFATRA FAHAENINA

« Teneno ny zanako mba ho vonona ka hiambina satria ho avy faingana aho, tsy araka izay eritreretin'ny olona », hoy ny Tompo Jesosy.

(Tsy fantatra ny fotoana hahatongavan'ny Tompo Jesosy fa rehefa tonga izany dia handray azy Izy. Ho avy faingana Jesosy).

Nandritry ny nanomezany ahy ny hafatra fahaenina, dia nasehony ahy ny lanitra, ary indro manga tsy misy rahona. Namelatra ny tànany nanandrify ny tany Jesosy, ary hoy Izy : **« Vonona aho handray ny zanako »**. Ary indro, hitako olona maro manao akanjo fotsy manidina eny amin'ny lanitra mba hihaona amin'i Jesosy. Nanodidina an'i Jesosy avy eo ankavia sy ankavanana izy ireo avy eo. Nakarina avokoa ireo izay tena nino an'i Jesosy. Hitako nakarina ihany koa ireo fianakaviako. Nahita olona nanambady ihany koa aho ary ny vady aman-janany dia nanidina ho eny amin'i Jesosy. Feno fiadanana aho raha nahita izany.

Dia nanamafy Jesosy : **«Jereo ery ambany ery ».** Nasehony ahy ny toetry ny tany izay rava ary mampivarahontsana. Tsy misy fiadanana mandritra izany fotoana izany. Hitako ny olona mihazakazaka etsy sy eroa sady mikiakiaka. Ny ray aman-dreniny mitady ny zanany, ary ny zanaka mitady ny ray aman-dreniny. Nasehon'i Jesosy ahy ny fiangonana tao amin'ny tanindrazako. Nalahelo dia nalahelo aho satria be dia be ny olona tavela. Dia hoy Jesosy tamiko **: « Aoka ho mahatoky ianao. Tsy maintsy ampitainao ho an'ny zanako eny ambonin'ny tany izay hitanao sy renao ».**

Naverin'ilay anjely tety ambonin'ny tany tamin'ny alalan'ilay soavaly izay nitondra anay niakatra aho. Vetivety izahay dia tonga tety ambonin'ny tany. Ary naverin'ilay anjely teny amin'ny hopitaly aho. Raha mbola nijery ilay vatako aho, dia niverina tao anatiny ny fanahiko. Tsapako fa sitrana tanteraka tamin'ny aretiko aho.

Voninahitra anie ho an'Andriamanitra noho ny heriny. Tsaroako fa fony tany an-danitra aho dia lasa tanora kely.

Izay no fijoroana vavolombelona ny amin'ny nihaonako tamin'i Jesosy tany an-danitra.